GAZETY AFAFi
Antoka ho an'ny FAhasalaman'ny Fianakaviana
Gazety mivoaka isan-telo volana
" Tambatra no atao, hitsinjovana ny fahasalamantsika "
Mutuelle de santé

FIARAHA-MIASA . . . . . . . . . P 2-3

FIJOROANA VAVOLOMBELONA. . . . . . . . P 4-5

TONONKALO . . . . . . . . . . . . P 6

AFAFi AN-TSARY. . . . . . . . . . P 7

TOROHEVITRY NY DOKOTERA . . . . . . . . . . . P 8

# Fiaraha-miasan' ny Airtel sy ny AFAFi mutuelle de santé

Pejy 02



## LAHATENIN'NY TALEN'NY AFAFi



Faly miarahaba antsika rehetra ny tenako amin'ny gazety AFAFI mivoaka isan-telovolana ity.Misasaka sahady ity taona 2024, be ireo zava-bita fa mbola be koa ny miandry tsirairay.

Isaorana ny isam-batan'olona amin'ny ezaka nataony ho fanatsarana sy fampandehanana ny fikambantsika. Hita moa fa mitombo hatrany ireo dokotera mpiara-miasa amin'ny AFAFI izay vokatry ny fangatahantsika mpikambana. Midika izany fa manao vaindohandraharaha ny fahasalamantsika isika. Izahay ato amin'ny AFAFI moa dia miezaka manao izay ho azo ato amin'ny famaliana ny hetahetanareo mpikambana.

Vanim-potoanan'ny ririnina isika izao no eo ihany koa ny fialantsasatry ny mpianatra koa manentana hatrany izahay amin'ny tsy fanaovana dokotera tena raha sanatria misy tsy fahasalamana fa tongava manantona ireo tobim-pahasalama akaiky sy mahazatra antsika mitsabo tena. Mila misoroka isika amin'ny fanaovana mafana tsara sy fihinanana sakafo madio sy ara-pahasalamana mba hiadiantsika sahady amin'ny aretina. Ny AFAFI moa eo ihany afaka manampy sy manome toro-hevitra antsika raha misy ny tsy fahasalamana na zavatra tsy azo.

Tadidio hatrany ilay teny manentana antsika manao hoe « Tambatra no atao hitsinjovana ny fahasalamantsika.

Dia mirary soa ho antsika rehetra hatrany

**RAZINJATOVO** Felaniaina, Tale Nasionaly

www.afafi.mg
AFAFi - Mutuelle de santé
accueil.afafi@gmail.com
+261 33 11 043 42
Lot IVD 18 Bis 3ème étage Rue Dr ZAMENHOF Behoririkc

ATIA

# FIARAHA-MIASAN'NY AIRTEL SY NY AFAFI MUTUELLE DE SANTE

Tsy mitsahatra ny mitady fomba hanamaivana ny mpikambana amin'ny fisitrahana ny tolotra omeny ny AFAFI-Mutuelle de santé. Nisy araka izany ny fiarahany miasa amin'ny AIRTEL , izay mitovy fomba fijery aminy amin'ny fanampiana ireo fianakaviana sahirana sy marefo. Tontosa araka izany ny fanaovantsonia teo amin'ny AIRTEL sy AFAFI –Mutuelle de santé , fiaraha-miasa hoentina hanamaivana ny mpikambana amin'ny fandraisan'izy ireo ny fameranam-bola atao ny AFAFI-Mutuelle de santé. Hatomboka eo amin'ireo mpikamban'ny AFAFI eo amin'ny Fokontany telo Ambaniala, Ambanilalana, Ambohimamory sy ireo mpikambana ao amin'ny CEFOR Ampitatafika, Itaosy ary Ambanidia. Misaotra ny AIRTEL amin'ny fiaraha-miasa.

Rahoby-gasy





## FIARAHA-MIASA FONDATION MERIEUX

Ho fanatsarana hatrany ny fiaraha-miasa amin' ireo fikambanana mpiara-miasa amin'ny AFAFi dia nisy indray ny fihaonana tamin'ny roa tonta dia ny vondrona Fondation mérieux sy ny AFAFi. Io vondrona io moa raha tsiahivina dia niantoka fiantohana ara-pahasalamana izay hiarahana amin'ny AFAFi ho an'ireo fianakaviana mpisitraka aminy ireto fikambanana efatra ireto dia ny:ONG HARDI,ONG MANDA,Graine de bitume, Centre NRJ.

Tao anatin'ny fivoriana moa no nampisehoan'ny AFAFi azy ireo ny vokatra azo tao anatin'ny enim-bolana voalohany (sept 23 - fev 24) dia navoitra tamin'ny izany fihaonana izany fa na dia vao haingana ihany ary no nanombohan'ny fiaraha-miasa dia tena hita fa nitondra vokatra tsara ny enim-bolana voalohany satria dia tena efa maro tokoa ny fianakaviana nahazo tombotsoa sy voahantoka tao anatin'ny izay enim-bolana izay toy ny olona marary mandeha dokotera mpiara-miasa amin'ny AFAFi, ireo fianakaviana niteraka teny amin'ny CSB II mpiara-miasa amin'ny AFAFi ary indrindra ireo olona niditra hopitaly. Etsy andaniny izay misy ihany koa ireo tolotra ara-tsosialy ataon'ny mpanentan'ny AFAFi amin'ireo fianakaviana mpisitraka toy ny vangivangy arahin-dinika izay itondrana ny fanamafisana ny fanentanana na fihainona ireo mpikambana arahana toro-hevitra. Misy koa moa ny fanaraha-maso ny marary mandritry ny fidirana hopitaly sy ny fivoahana hopitaly. Izany rehetra izany no natao dia mba tsy hamelana ireo marary ireo irery fa hanampiana azy amin'izay mety ho vesatra ara-psikolojika azy ireo satria mantsy ny tanjon'ny AFAFi dia tokana ihany dia ny hoe manamora ny fahazoan'ny ireo fianakaviana marefo ny fiantohana ara-pahasalamana ary manala izay mety ho sakana ara-bola na ara-tsosialy.

Tamin'ny fiafaranan'ny fivoriana moa dia nisy fifanakalozana teo amin'ny roa tonta ny amin'izay mety ho fanatsarana hatrany ny fiaraha-miasa ary nilaza izy ireo fa afa-po ny amin'ny fiaraha-miasa sy ny vokatra .

Narindra

## FIARAHA-MIASA « AFAFI-MUTUELLE DE SANTE » SY IREO TOBI-PITSABOANA VAOVAO

Araky ny tanjona napetraka, dia ny fanamorana ny fisitrahan'ireo mpikamban'ny « AFAFi-Mutuelle de santé » tolotra ara-pahasalamana ara-kalitao, dia nanatanteraka fiaraha-miasa amin'ny hopitalim-panjakana roa lehibe indray ny ekipan'ny AFAFI tao anatin'ny enim-bolana voalohany ny taona 2024

Dr Tahina

HOPITALY MANARA-PENITRA VAOVAO




Tamin'ny faran'ny volana Janoary dia natao ny fanaovan-tsonia tamin'ny CHU Andohatapenaka. Marihana moa fa misy ny sampan-draharaha rehetra ao amin'io hôpitaly io na ho an'ireo marary mila fandidiana na ho an'ireo tsy mila izany.

HOPITALY FENOARIVO




Notanterahina ny 06 May 2024 lasa teo kosa ny fanaovan-tsonia ny fiaraha-miasa teo amin'ny AFAFI sy ny hopitaly CHU Fenoarivo. Ny fitsaboana marary tsy mila fandidina kosa no raisina an-tanana ao amin'io tobi-pitsaboana io, misy ihany ko ny fanaovana fitiliana, ny fitarafana ary ny tobi-pivarotana fanafody.

## FAMPAHAFANTARANA NY SANTIONAN'NY ASA IANDRAIKETAN'IREO MPANENTANA ARA-PAHASALAMANA

Miarahaba antsika mpikambana AFAFi rehetra mpanaraka ity gazety ity.
Fanazavana ny asa ataon'ireo mpanentana ara-pahasalamana mandritry ny fotoanan'ny fifanarahana na ny « contrat » eny amin'ny maso ivoho CEFOR indray no azavaina aminareo eto androany.
Eto no fotoana hihaonan' ny mpikambana AFAFi sy ny mpananetana voalohany ; fotoana izarana ny fifanarahana sy fampahafantarana azy ireo ny atao hoe AFAFi sy izay makasika ny tolotra omeny.
Hampahafantarina an' ireo mpikambana ny tombotsoa azony rehefa tojo tsy fahasalamana ny mpikambana sy ny fianakaviany, ireo dokotera mpiara-miasa, ny farmasia mpiara-miasa, ary tsy adino ny fampahafatarana ireo vokatra ara-pahasalamana misy izay amidy amin' ny vidiny mirary.
Anisan'ny asa atao ao anaty ny fotoana fizarana ny fifanarahana ihany koa ny fampahafatarana an'ireo mpikambana ny latsak'emboka izay alohan'izy ireo mandritry ny fotoana hiarahany miasa amin' ny CEFOR sy ny AFAFi, ary indrindra mba ahazoan'ireo mpikambana ny fiatohana ataon'ny AFAFi amin'izy ireo.
Dia toy izay ary ny santionan'ny asa ataon'ireo mpanentana mandritry ny fotoan'ny fizarana ny fifanarahana na ny « contrat » eny amin'ny maso ivoho CEFOR.

Mametraka ny mandrampiaona indray e !

Mickael



## FOMBA FIASA VAOVAO EO ANIVON'NY FOKONTANY

Miarahaba antsika rehetra izay mpamaky ity gazetin-tsika ity izay mivoka isan-telovolana. Etoana dia mahafaly anay ekipa Fokontany ny mampahafantatra anareo ny fomba fiasa vaovao izay efa nisy teo aloha.
Ankotran' ny tosika ho an' ireo fianakaviana marefo izay iarahana miasa amin'ny kaominina Andranonahoatra dia eo ihany koa ny fidirana ho mpikambana amin'ny alalan'ny fandrafetana fianakaviana maromaro ho vondrona iray.
Raha hazavaina tsotsotra ny vondrona iray dia ahitana fianakaviana 5 samy hafa. Tsy voatery ho fianakaviana anefa izany fa azon'ireo mpiara miasa amina orinasa, fianarana... Ka manendry olona ireo ho solo-tenan' io vondrona io. Ka ity farany no miserasera mivantana amin'ireo mpanentana AFAFi amin'ny fanaovana ny fikirakirana ireo antotan-taratasy rehetra (Fandoavana latsak' emboka,




fangalana famerenam-bola, ...)
Anisan'ny voasarika tamin' ity paik'ady vaovao ity ireo mpiara miasa tao amin' ny fianarana LILAS teto Ambanilalana. Tena nahafam-pahasahiranana azy ireo manko izy ity satria tsy voatery mivezivezy rehefa misy ilaina AFAFi fa ilay solontenam-bondrona ihany. Ny latsak' emboka ko mba tsy ahadino fa mifampatsiahy eny foana.
Na dia eo aza ireo fomba fiasa vaovao ireo dia mbola mihatra ihany ilay fomba fidirana isam-pianakaviana toy ny teo aloha.
Eto ampamarana ary dia natao ireo fomba fiasa vaovao ety anivon'ny Fokontany ireo mba hahasoa antsika mpikambana sy ny ho fiantohana raha sanatria tojo tsy fahasalamana. Ka anjarantsika ny misafidy izay mety.

Domoina & Hanitra

## TATITRY NY FAHAVITAN'NY FAMPAHAFANTARANA NY ASA VITA NANDRITRY NY TAONA 2023 MANERANA IREO MASO IVOHO CEFOR REHETRA

Manatitra ny fiarahabana antsika mpikambana AFAFi rehetra, amin'ny alalan'ity gazety ity.
Ho zaraina amintsika mpikambana rehetra ny tatitra mahakasika ny fihaonana tamin'ireo mpiara miasa manerana ny maso ivoho CEFOR mahakasika ny fahavitan'ny fampahafatarana ny asa vita nandritriny taona 2023 lasa iny.
Tontoso nandritry ny volana Aprily lasa teo ary nifarana ny volana May ny fihaonana tamin'ireo mpiara-miasa CEFOR manerana ny maso ivoho, efa fanao isaky ny enim-bolana moa ity fihaonana ity, fa ny fampahafantarana ny asa vita nandritry ny taona 2023 lasa iny no tena vontoatin'ny fihaonana.
Nampisehoana nadritry ny fampahafantarana isaky ny maso ivoho tsirairay moa ny asa vita rehetra nandritry ny taona, ny fivoarana ny isan'ireo mpikambana, ny fandraisan-tanana ireo marary rehetra nandritry ny taona, ny vangivangy harahin-dinika sy fanaraha maso akaiky ny fahasalaman'ny mpikambana . Natao tamin'izany ihany koa ny fifanakalozan-kevitra amin'izay rehetra mety ho fanatsarana ny asa ho fitsinjovana anareo mpikambana. Voaresaka tamin'izany ny fanamafisana ny fitsidihana ireo mpikambana mbola tsy nisitraka ny fiantohana nadritry ny taona sy ny sakana nahazo ireo mpikambana ka tsy nahafahany misitraka izany, raha tojo aretina ny fianakaviana iray .
Ny tanjon'ny fifanantonana toy izao moa dia ho fanatsarana sy fanamorana ny fandraisan-tanana anareo mpikambana.
Mametraka ny mandra-pitafa amintsika rehetra ary dia mirary soa hatrany ho antsika mpikambana e !

Dina

## MPIKAMBANA AVY AMIN'NY FOKONTANY AMBOHIMAMORY

Anisan'ny mpikambana AFAFi ety amin'ny Fokontany Ambohimamory i RANDRIAMALALA Fanomezantsoa. Toy izao ny resadresaka nifanaovana taminy.

*"Hatramin' izay nidirako ho mpikambana efa taona maromaro izay dia mbola tsy nisitraka ireo tolotra mihiintsy aho. Nisy fotoana ihany aho tojo tsy fahasalamana fa mbola tsy nitaky ilay famerenambola mihintsy izay safidiko manokana na dia teo ary ny fanentanana ataon'ireo mpanentana AFAFi ahy.*

*Raha izaho manokana dia tsy maniry harary izany .Tsy mahasakana ahy ny hijanona ho mpikambana hatrany satria efa nazava tamiko tsara mialohan' ny nidirako ho mpikambana fa misy ny atao hoe firaisankina ao anatin' ny fikambanana na ilay antsoina hoe 'solidarité' ka anefa izany sarany izany indrindra no nanosika ahy hiditra ho mpikambana mba hahafahako mitondra ny anjara birikiko eo amin' ny fanampiana ny mpiarabelona amiko. Anisany mahafinaritra ahy ihany koa ny fifaneraserana amin' ireo mpanentana ety amin' ny Fokontany izay tena lasa namana akaiky tokoa"*

Aina




## FOKONTANY 2

"Izaho dia anisan' ireo resy lahatra hatrany ny amin'ny tolotra sy fomba fiasan'ny fikambanana AFAFi"hoy i Ramatoa Sarindra Tiana mpikambana ety amin' ny Fokontany Ambohimamory. "Ny tena mahafapo ahy voalohany indrindra dia ny fisian' ireo mpanentana izay tena midina ifotony ety aminay manao ny fanentanana ampitsikitsiana sy ampatsorana tokoa. Vokany, tsy misahirana intsony izahay fa efa misy an' ireo mpanentana ireo indrindra moa fa ohatranay mpivarotra itony izay tsy afaka mivezivezy eny amin'ny birao."
Manarak''izany ny tombontsoa lehibe hitako amin' ny maha mpikambana dia raha sanatry tojo tsy fahasalamana iny dia efa misy ny antenaina. Araka ny fahaino matetika moa hoe AFAFi: Antokin' ny Fahasalamana ho an' ny Fianakaviana. Ny loza tsy mampilaza tokoa indrindra lay hoe "ny Tampoka tsy mahalehilahy". Ka izay ny mahatonga anay mbola mpikambana hatramin'izao sy tsy sasatra manentana ireo namana sy mpiarabelona hoe midira ho mpikambana AFAFi fa tena mahasoa sy mitsinjo antsika tokoa.

## MPIKAMBANA AVY AMIN'NY ONG KETSA (niditra hopitaly)




Mahafaly anay fikambanana AFAFi indray no mifampizara ny vaovao aminareo mpikambana
ato aminay amin'ity andalana an-gazety ity. Eto dia Ramatoa Rahantamalala
Fanjanirina indray izay mpikambana AFAFi avy ao amin'ny ONG KETSA Vontovorona no mijoro,vavolombelona ary mizara amintsika fa tena afa-po sady nahafa-pasahiranana azy hoy izy ny fiantohana nataon'ny AFAFi taminy sy ny fianakaviany ary indrindra ny zanany izay niditra hopitaly tao amin'ny Hopitaly manarapenitra Andohatapenaka , tena mahatsiaro maivana ary tsy mitebiteby amin'ny resa-bola izahay teny amin'ny hopitaly ary indrindra ny mpanentana AFAFi izay tena manampy anay tokoa satria manoro ary miaraka
aminay izy amin'ny fivezivezena ao amin'ny hopitaly ka tena mahatsiaro tsy irery tokoa izahay
fa manana ny fikambanana AFAFi mpiahy ny fahasalamanay ka eto izahay dia manentana antsika mpikambana rehetra hoe aza misalasala manantona ny AFAFi fa afaka manoro sy manampy antsika ny AFAFi raha tojo tsy fahasalamana ny ankohonantsika ary indrindra ny fandraisana an-tanana ny ara-bola izay hita fa tena manamaivana tokoa. Misaotra betsaka ny AFAFi

Efah

## MPIKAMBANA AVY AMIN'NY ORINASA HAVAMAD

*Marahaba antsika mpamaky ny gazety AFAFi izay mpiseho isan-telovolana indray izahay ,ary tsy mitsahatra ny mikaroka hatrany izay vaovao ato amin'ny AFAFi afaka hifampizarantsika satria heverinay fa zava -dehibe ny fihaonantsika amin'ny alalan'ity gazety ity. Maro mantsy ny Isantsika mpikambana ka ity gazety ity no solontena hampahafantarana atsika ny vaovao*

*Eto ary dia ny mpikambana AFAFi avy ao amin'ny HAVAMAD avy any amin'ny faritra Itasy any monina ao Ambohitrinibe no mifampizara aminintsika hoy izy hoe: "Na dia lavitra aza no misy anay dia tena tombony ho anay tokoa ny fisian'ny gazetin'ny AFAFi izay zaraina aminay maimaimpoana tsy handoavambola satria ato no hahafantaranay ny vaoavao misy ao anatin'ny fikambanana AFAFi ary indrindra tena maha liana sy mahafinaritra ery ny mamaky ilay toro-hevitra ara-pahasalamana ao amin'ny pejy farany ,misaotra hoy izy ireo tsy manadino anay aty halavitra aty.*

Fidimanana





**Am-pifaliana indray ny hiarahabana antsika mpikambana AFAFi rehetra. Ramatoa RAZAFIARIVONY Tafita mpikambana AFAFI ety Ambaniala no hijoro vavolombelona sy hizara amintsika eto indray ny tombontsoa azony amin'ny maha mpikambana azy.**

Nandritry ny fitondrany vohoka ka hatramin'ny fahaterahany dia nandray antanana azy foana ny AFAFi. Teo indrindra no nahatsapany fa tena manampy sy manamora ny fidirana hopitaly ny maha mpikambana azy. Satria raha vao tonga izany fotoana izany dia niantso avy hatrany ireo mpiandraikitra eny anivon' ny hopitaly izy ka avy hatrany dia tonga haingana izy ireo nanohy ny antso.

Somary nisy fahasarotana kely nefa izany fiterahany izany ka tsy maintsy niroso tamin'ny fandidiana izay mbola noraisiny AFAFi an-tanana hatrany.

Hoy izy teo am-pamaranana: *" mamerina hatrany ny fisaorana sy fankasitrahana aho fa tena afa-po tanteraka tamin' ny fandraisana an-tanana azoko sy ny fikarakarana ary ny fiantohana nataonareo nandritry ny fiterahako, ary manentana ireo izay mbola tsy mpikambana hanantona ireo birao izay akaiky azy fa tena manamora sy manamaivana ny fahasahiranana tokoa ny fisian'i AFAFi hiantoka ny fahasalamantsika.*

Sarah & Erica

## MPIKAMBANA TENY AMIN'NY CEFOR AMBOHITRIMANJAKA

**Ramatoa Maminiaina, mpikambana AFAFi avy ao amin' ny Cefor Ambodimita, indray no vahinitsika eto amin'ny gazety mpiseho isan-telo volana ity. Misy fijoroana vavolombelona nataony ity, mikasika ny nataon'ny AFAFI.** Hoy izy :

*« hatramin'ny nidirako mpikambana AFAFi, nanomboka ny taona 2022 dia mahalana aho no mandeha dokotera saingy kosa tena mazoto mividy ny vokatra ara-pahasalamana, satria tokoa mora vidy izy raha oharina amin'ny vidiny eny amin'ny mpantsinjara, (épicerie), araky ny fanazavan'ny mpanentana AFAFI ahy koa dia tsy maka tombony ny fikambanana fa tena amin'ny vidiny mirary tokoa ny vidiny hamarotany ny vokatra. Tsy voatery marary foana isika vao hampiasa AFAFi fa ny fividianana vokatra ara-pahasalamana dia efa tombony ho anao, aza avela ho very ny tombotsoa anao ».*



Misaotra an'i Ramatoa Maminiaina isika tamin'ny fijoroana vavolombelona nataony, koa manasa antsika sy manentena antsika rehetra hatrany mba hanjifa ny vokatra ara-pahasalamana misy ato amin'ny AFAFI toy ny : Koba Aina, Savony Nosy.

Mametraka ny veloma ho antsika mpikambana rehetra ary dia mirary soa indraindra.

Sarobidy

## FIJOROANA VAVOLOMBELONA ONG MANDA



Mitohy hatrany ny tantsoroka ataon'ny fikambanana AFAFi hoan'ireo fianakaviana misitraka ny fiantohana ara-pahasalamana amin'ny alalalan'ny fanamafisana ny fanentanana mahakasika ny fampiasana ny karatra AFAFi, tsy mijananona eo amin'ny fanomezana karatra ireo mpikambana fotsiny akory ny mpanentana AFAFi fa manome fanazavana sy manoro ny mpikambana ireo Mpitsabo tokony hanantonany raha hita fa manana olana ny amin'izany ny mpikambana.

Eto dia ny mpikambana avy ao amin'ny ONG MANDA no nanaovana ny fanamafisana ny fanentanana mba ho famerimberenana amin'izy ireo ny tolotra omen'ny AFAFi ary tamin'izany fihaonana izany ihany koa ireo mpikambana dia afaka mametraka ireo fanontaniana mety isan'ny nanakana azy ireo tsy fampiasana ny karatra AFAFi. Noho izany dia hita fa afa-po ireo fianankaviana mpisitraka nohon'ny fifanakalozan-kevitra nisy teo amin'ny roa tonta satria hoy izy ireo hoe: Misaotra ny AFAFi fa teo foana ianareo tamin'ny famahana ny olana ara-pahasalamanan'ny mpikambana.

Fredo

# MITSINJO NY AINA

Ity misy lalana atoroko ho anao
Vahaolana akaiky amin'izao andro izao
Tsinjovy ny ho avy ; hatsarao dien'izao
Mba ho ampitso milamina, ara-kalitao

Toerana azo antoka, tsy mifidy saranga
Manohana anao, mameno ny banga
Fa na môsimôsy, na koa Ingahy Ndrina
AFAFI Antoka ho an'ny Fahasalaman'ny Fianakaviana

Mitsinjo ny ankohanana ; mitsinjo ny aina
Ny areti-mandoza aza niala maina
Raha sendra marary, tsy mila plisy plisy
Fa raisiny an-tanana hatramin'ny nify

AFAFI naorina ho ahy sy ho anao
Maro tombotsoa ao aminy ao
Ataovy manako havanana, havia
Fa misy fihenam-bidy eny amin'ny farmasia

Ara-tsosialy koa tsy ambakan'izany
Fa misy toro-hevitra tena milay
Matihanina avokoa izay rehetra miseho
Fahantrana lalina, tapitra hatreo

Be ireo niodina, nahatsiaro fanina
AFAFI eo foana, mijoro, mijanona
Fianakaviana salama, ataovy ny safidy
AFAFI be be ho an'ny taranaka mifandimby

Tahina
















"Miara-miahy"
AMS







airtel
AFAFI
MUTUELLE DE SANTE
airtel
*436#


AFAFI
MUTUELLE DE SANTE
airtel
*436#

## NY ARETINA GRIPA

| | |
|---|---|
| **1) Inona ny atao hoe gripa ?** | Ny gripa dia aretina mpahazo ny taovam-pisefoana azo avy @ karazana mikraoba antsoina hoe « virus » izay misy karazany maro (virus gripaux A, B, C, D). |
| **2) Ahoana ny fomba mety ahazahoana ireo virus grippaux ireo?** | Mifindra @ alalan'ny piti-drora avy any @ olona voan'ny gripa rehefa mievona izy na mikohoka. Fa mety mifindra ihany koa @ alalan'ny tanana maloto. |
| **NY FOMBA FISEHONY** |  |



## FOMBA FISOROHANA NY GRIPA

| | |
|---|---|
| Manasa tanana @ rano sy savony | Mihinana sakafo ara-pahasalamana |


| | | |
|---|---|---|
| **Manao vaksiny miaro amin'ny gripa** | Ho an'ireo olona marefo na taizan'aretina,mila havaozina isa-taona rehefa ho tonga ny vanim-potoanan'ny ririnina. | • Olona ≥ 65 taona<br>• Zaza 6 volana h@ 5 taona<br>• Ny vehivavy mitondra vohoka<br>• Ny olona manana areti-mitaiza |

**Dr Fenitra**

## TSARA HO FANTATRA

### NY FEPETRA ILAINA AMIN'NY FIANTOHANA

**Izay mila fiantohana dia mila mitondra karatra ara-dalàna hatrany**



1. Feno sy ara-potoana ny fandoavana latsa-kemboka
2. Ny anarana sy ny sarin'ny marary dia ao anatin'ny karatra
3. Ny sarin'ny marary dia misy fitomboky ny AFAFi

Mitondrà **"Tapakila Vonjy" (tapakila mavokely)** rehefa mankany amin'ny **dokotera mpiara-miasa**

Mitondrà **"Tapakila Tsinjo" (tapakila maitso)** rehefa mankany amin'ny **farmasia mpiara-miasa**

Antsoy ny **033 23 839 39 amin'ny fotoana rehetra** Raha hiditra hopitaly **(Antananarivo)**

Hita eny amin'ny **birao AFAFi** mahazatra anao ny **lisitry ny dokotera** mpiara-miasa

Raha manana olana manokana, antsoy AFAFi **033 11 043 42**

## ANTONTAN'ISA ATO AMIN'NY AFAFi JIONA 2024

### Isan'ireo Mpikambana

| | |
|---|---|
| Fianakaviana mpikambana | 9 602 |
| Olona rehetra mpikambana | 25 195 |

### Isan'ireo olona rehetra nisitraka fiantohana

| | |
|---|---|
| Tapakila Vonjy | 5 637 |
| Olona niditra hopitaly | 115 |
| Isan'ny mpiteraka | 46 |

### Isan'ireo mpiara-miasa

| | |
|---|---|
| Dokotera sy CSB libra | 141 |
| CSB II | 63 |
| Farmasia | 34 |
| Laboratoara fitiliana | 9 |
| Dokotera spesialista | 17 |
| Hopitaly | 17 |